

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

LVRP

Trimestrielle

SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,
 Fifaliana hatrany no entin'ny ekipan'ny LVRP miarahaba sy mihaona aminareo amin'ny alalan'ity laharana vaovao faha-27 ity.
 Tsy lany olo-manga ny fiompiana trondro eto Madagasikara. Vahinintsika I Ramatoa Colette RAVELOMANANA, Talen'ny FIFATA. Hohitantsika ny anjara biriky noentiny ho fampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra sy ny fiompiana trondro.
 Ho fantarintsika koa ny zava-bitan'ireo vehivavy eo amin'ny fampandrosoana, indrindra ny fiompiana trondro. Izany dia fanehoana ny fahaizany mifanampy amin'ny lehilahy eo amin'ny fampandrosoana ny firenena. Ohatra iray mampiseho ny vokatry ny miralenta izany.
 Isaky ny telo volana dia mahavelom-bolo hatrany ny fifampizarana traikefa izay ifanaovan'ny samy mpamokatra trondro avy amin'ny faritra maro eto Madagasikara. Manamafy amin'ny alalan'ny lahatsoratra rahateo ireo tantsaha fa io no tena mampandroso.
 Atolotra ho anareo, amin'ity laharana ity, ihany koa ireo vaovao samihafa toy ny teti-andro fihidin'ny rano, ny tantara niavian'ny fiompiana trondro an-tanimbary. Mirary taom-pamokarana tsara ho an'ny mpamokatra zana-trondro rehetra izahay.

Zahao àry ka mazotoa mamaky Tompoko.
Ny ekipa LVRP

EDITORIAL


Chers amis lecteurs,
 C'est toujours avec un immense plaisir que l'équipe de LVRP vous retrouve pour cette nouvelle édition, numéro 27.
 Nous avons l'honneur de recevoir, dans ce numéro, Madame Colette RAVELOMANANA, Directrice de FIFATA. Nous allons apprécier sa contribution dans le développement du monde rural et la promotion de la pisciculture.
 Nous trouverons aussi les actions de développement accomplies par les femmes notamment dans la pisciculture. Il s'agit pour elles de travailler à côté des hommes pour le développement du pays. C'est un bel exemple d'une approche genre réussie.
 Chaque édition trimestrielle est l'occasion pour de nombreux pisciculteurs de différentes Régions de Madagascar d'échanger leurs savoirs faire et leurs connaissances en matière de pisciculture. C'est aussi l'opportunité pour eux d'affirmer que la pisciculture est une source d'évolution socio-économique.
 Vous trouverez également dans ce numéro des informations diverses telles que la période de fermeture de pêche, l'histoire sur l'origine de la rizipisciculture à Madagascar, etc. Nous souhaitons à tous les producteurs une bonne campagne d'alevinage.

Bonne lecture à toutes et à tous !
La Rédaction LVRP

MISAOTRA ANAREO TSY NISALASALA ! TOKONY HO RAISINTSIKA VEHIVAVY AN-TANANA NY ASA ARY INDRINDRA MIFANOME TANANA AMIN'NY VADINTSIKA EO AMIN'NY FITADIAVANA. IZANY NO NATONAY TAIN'NY FIOMPIANA TRONDRO KA NAHAVITA DOBO BARAZY MIHITSY IZAHAY KA IZAO NO VOKANY ! TSY IZAY IRÉRY FA AMIN'NY ZAVATRA Hafa KOA !
 MERCI POUR VOTRE FRANCHISE ! IL FAUT QUE LA FEMME PRENNE EN MAIN LES ACTIVITÉS ET TRAVAILLE À CÔTÉ DE SON ÉPOUX POUR SUBVENIR AUX BESOINS DE LA FAMILLE. AINSI, NOUS AVONS RÉUSSI À CONSTRUIRE UN ÉTANG BARRAGE ET VOUS VOYEZ LE RÉSULTAT AUJOURD'HUI ! ET CEÇI EST VALABLE POUR BEAUCOUP DE CHOSE !

MIALA TSINY AKIA RAHA MANDREBIREBY AN-DRY IZAHAY A ! TSY IZANY MANTSY FA ISIKA SAMY NIAINGA TAMIN'NY FIOMPIANA TRONDRO NEFA HITANAY FA TENA MANDROSO BE NY FIINAN-DRY SY NY TOKATRANONAREO E ! MBA OMO SO-SO-KEVITRA AKIA FA HENJANA ITY A !
 EXCUSEZ NOUS DE T'IMPORTUNER ! NOUS VOULONS JUSTE SAVOIR COMMENT AS-TU FAIS POUR AMÉLIORER TON NIVEAU DE VIE ET CELUI DE TA FAMILLE ALORS QUE NOUS AVONS COMMENCÉ LA PISCICULTURE ENSEMBLE !


TENA MARINA AKIA IZANY A ! CEST TOUT À FAIT VRAI !





SOMMAIRE


- **INTERVIEW :**
M. RAVELOMANANA COLETTE, DIRECTRICE DE FIFATA P.2
- **PARTAGE :**
LES FEMMES ET LES ÉTANGS BARRAGES P.3
- **TEMOIGNAGE :**
SOAFARA: LA PRATIQUE DE LA PISCICULTURE PRESENTE DES AVANTAGES FINANCIERS P.8

LES PARTENAIRES FINANCIERS

AFD 

La Fondation SEED 

Région Basse Normandie 

Région AQUITAINE 

Fondation Lord Michelham of Hellingly



Faly ny gazety manolotra ny vahinintsika Ramatoa RAVELOMANANA Colette amin'izao laharana faha-27n'ny LVRP izao ary misotra betsaka azy. Ho hitanao ato ary ny fampiasany ny talentany ho fandraisany anjara entiny hampanandrosoana ny tontolo ambanivohitra malagasy sy ny asa fanaovan-gazety amin'ny ankapobeny.



LVRP est ravi de vous présenter Mme RAVELOMANANA Colette en invité du trimestre pour ce numéro 27 et la remercie vivement. Elle a su utiliser ses atouts pour contribuer au monde agricole malgache ainsi que le secteur du journalisme en général.

LVRP : Iza moa ianao Tompoko ?

C.R.: Colette RAVELOMANANA no anarako, manam-bady sy manan-janaka telo efa lehibe. Nampianatra tantara sy jeografia ary filozofia aho tamina toeram-pampianarana tsy miankina iray rehefa nahavita fianarana momban'ny taranja tantara. Taty aoriana, lasa mpanao gazety aho rehefa nandeha ny fotoana satria nanana fahafahana niofana momba izany tamin'ny sekoly ambony momban'ny fanaovan-gazety tao Lille any Frantsa. Betsaka ireo dinikasa efa natrehako momban'ny teknikam-pikarohana lahatsoratra sy ny fomba fitrandraham-baovao na koa ny fitsapana ny hevitra ny olona. Fotoana maro ihany koa no niandraketako ny pejiny fiaraha-monina sy ny fialam-boly tamina orinasan-gazety lehibe. Nahafahako nifanerasera tamin'olona samihafa ireo asako ireo miainga amin'ny olon-tsotra ka hatramin'ny olo-manan-kaja be ary nahitako toerana maro teto an-toerana ka hatrany ivelany, hatrany Chine. Tamin'ny 1999 ny tenako no voaray tato amin'ny FIFATA, vovonam-pikambanana tantsaha lehibe. Tonian'ny gazety « IreoTantsahaVaovao » (ITV) no asako tamin'izay. Voatendry ho talen'ny FIFATA aho ny 2006 izay manana manana vovonana mpikambana 12 OPF (vondrona tantsaha) ankehitriny. ahitana federasionam-paritra, fivondronana kaoperativa, fitambarana seham-pamokarana, UNICECAM, mitotaly eo amin'ny 115.000 mpikambana fototra eo ary misy manerana ireo faritra 10 eto Madagasikara.

LVRP : Araka ny hevitrao, manana ny lanjany ve ny gazety eo amin'ny seraseran'ny tontolo ambanivohitra ?

C.R. : Zava-dehibe sy azo atao fitaovana tsara ny fananana gazety na ny fitaovam-pampitam-baovao hafa satria tena enti- mampianatra ireo tantsaha izy no hahalalany vaovao. Tsara tokoa izany kanefa voafetra ihany nohon'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra be loatra (mihoatra ny 60%) sy ny tsy fahafaha-mividy ny gazety (raha tsy maimaim-poana ny fahazoana azy). Fa ny tena sakana koa dia ny fiankinan-doha amin'ny famatsiam-bola ivelany hany ka vao tapitra izany dia tsy maharitra ny gazety nohon'ny fahalafosan'ny fanotana azy. Na izay aza anefa, ilaina ihany ny mampiaraka azy amin'ny radio eny an-toerana hanamafy ny fanentanana. Izany indrindra no ataonay miaraka amin'ny ITV. Ankoatra izay, mikarakara vondrom-pamakiana gazety miaraka izahay arahina adihevitra eo amin'izay lohahevi-dehibe tiana havoitra.

LVRP : Amin'ny maha-mpitantana anao izany federasiona nasionalin'ny tantsaha izany, inona ankehitriny amin'ny ankapobeny ny laharam-pahamehan'ireny vondrona tantsaha malagasy ireny ka mendri-ko jereña akaiky?

C.R. : Amiko, tsy azo idifiana ireny fikambanana tantsaha ireny eo amin'ny fiadiana amin'ny fahantrana ary tsy hiadian-kevitra io. Mba ahafahany mandray tsara ny andraikiny dia itony fikambanana vondrona tantsaha matanjaka itony dia tokony mahavita mifanampy amin'ny tan-tsoroka ilain'ny mpikambana ao aminy (fiofanana, fifanohanana/torolalana, fifampindramam-bola ...). Azo ataony tsara ny misahana ny lafiny toe-karena (ohatra ny fanamorana ny fandraisana sy ny famarotana ny anam-pamokarana). Ankoatra izany, afaka mahasolo ny vondrona mpamokatra toa azy izy hampanan-danja azy ireny rehefa misy fangatahana ataony eo anatrehan'ny mpanapa-kevitra, mampahafantatra ny fisiany sy ny heriny eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ara- politika sy toe-karena eo an-toerana na nasionaly na iraisam-pirenena. Manohana sy manamafy ny OP amin'ireo voalaza eo ambony ireo no afaka hampaharitra azy. Tsara ihany noho izany ny manana mpiara-miombon'antoka ara-bola sy ara-teknika maromaro mba ho azo antoka ny fahombiazana.

LVRP: Amin'ireo manahirana ny tantsaha voalaza teo, mety misy azo vahan'ny fiompiana trondro ve ?

C.R.: Manampy amin'ny fifehezana ny fanjarian-tsakafo ny fiompiana trondro. Miantoka sy manatsara ny vola miditra eo amin'ny tantsaha izy amin'ny fampitomboana sy fanamaroana isa ny vokatra azon'ny fianakaviana. Nohon'ny tanjona iraisana dia miara-miasa efa ho roa taona izao ny FIFATA sy ny APDRA. Hamaliana ny filàna proteinan'ny mpikambana izany sy hahamatihanina ny mpamokatra. Izany no ahafahana miady amin'ny fahantrana sy hanatsarana ny fari-piainan'ny tantsaha madinika. Mikasika ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo federasionam-paritra mpikambana ao amin'ny FIFATA izany eo amin'ny lafin'ny fiompiana trondro an-dobo sy an-tanimbary. Hamokatra trondro tsara sy betsaka ny fianakaviana, ho matihanina ary afaka mifaninana tsara no tanjona.

LVRP : Pouvez-vous vous présenter s'il vous plaît ?

C.R. : Je m'appelle Colette RAVELOMANANA, je suis mariée et mère de trois enfants. Historienne de formation, j'ai débuté ma carrière en tant qu'enseignante en Histoire/Géographie et en philosophie dans un établissement privé. Au fil des ans, je me suis reconvertie dans le journalisme en saisissant une opportunité qui s'est présentée pour suivre une formation à l'Ecole Supérieure du Journalisme de Lille. D'autres formations ont suivi, notamment, sur les techniques d'investigation, les collectes d'information ou encore le sondage d'opinion. Pendant quelques années, j'ai exercé dans une grande revue où j'étais chargée de la rubrique socio-culturelle. Durant mes reportages, j'ai côtoyé différentes personnalités allant d'un chef d'Institution au simple citoyen. J'ai aussi sillonné, à l'occasion, les quatre coins de l'île et même d'aller jusqu'en Chine.

En 1999, j'ai été recrutée par FIFATA, une grande organisation paysanne faïtière (OPF), pour occuper le poste de Rédacteur en chef de son journal « Ireo Tantsaha Vaovao » (ITV). Depuis 2006, je suis la Directrice de FIFATA. Aujourd'hui, l'OPF, constituée par 12 membres composés de fédérations régionales, d'union de coopératives, de groupements de filières et de l'UNICECAM. regroupe quelque 115 000 membres de base et travaille dans 10 régions de Madagascar.

LVRP : Selon vous, le support journalistique a-t-il son importance dans la communication rurale ? Si oui, comment garantir sa durabilité ?

C.R. : Avoir un journal ou d'autre bulletin de liaison est important et en même temps stratégique car c'est un bon outil d'éducation et d'information des paysans. Cependant, le taux très élevé d'analphabétisme (plus de 60%) ainsi que le faible pouvoir d'achat de la cible (sauf s'il est distribué gratuitement) limitent l'efficacité de cet outil. Mais le principal point de blocage reste son coût d'édition élevé qui le rend dépendant d'un financement extérieur. Ainsi, la publication du journal s'arrête avec l'interruption du financement. Quoiqu'il en soit, pour être efficace, le journal doit être relayé par une radio de proximité et c'est ce que nous faisons avec ITV. De plus, certains de nos animateurs communaux organisent également des groupes de lectures collectives avec commentaires sur les thèmes importants à mettre en exergue.

LVRP : Etant à la tête d'une fédération paysanne nationale, quelles sont de nos jours les préoccupations majeures des organisations paysannes malgaches qui nécessitent d'être appuyé en profondeur ?

C.R. : Je pense que les organisations paysannes sont des acteurs incontournables pour la lutte contre la pauvreté : c'est indiscutable. Afin de pouvoir jouer pleinement son rôle, une confédération nationale de notre envergure se doit d'offrir des services de proximité de qualité à ses membres (formation, appui/conseil, accès au crédit ...) et de jouer un rôle d'agent économique (exemple promotion de la vente et de l'achat groupé d'intrants) ainsi que d'être une instance de représentation pour se faire entendre par les Pouvoirs Publics et de peser dans le jeu politique et économique afin d'influer sur les processus de dialogue et de prise de décision à tous les niveaux (local, national et international). Appuyer et renforcer les OP dans les différents points cités plus haut constitue un gage de leur pérennisation. Pour avoir les meilleures chances de réussir, il est recommandé d'avoir plusieurs partenaires techniques et financiers avec qui travailler simultanément.

LVRP : Parmi ces préoccupations, quelle est la place de la pisciculture ? Peut-elle apporter sa contribution dans une agriculture familiale et de quelle manière ?

C.R. : La pisciculture contribue à la maîtrise de la sécurité alimentaire, elle garantit et améliore le revenu du paysan par l'augmentation et la diversification de la production agricole. Partageant les mêmes objectifs, FIFATA travaille de concert avec l'APDRA, depuis deux ans, sur cette filière porteuse afin de répondre aux besoins en protéine des membres et aussi de promouvoir la professionnalisation des producteurs en vue de lutter contre la pauvreté et d'améliorer le niveau de vie des petits producteurs. Ce partenariat concerne le renforcement des dynamiques piscicoles et rizipiscicoles des fédérations régionales membres de FIFATA. L'objectif global est de promouvoir qualitativement et quantitativement la production piscicole des producteurs ; toujours, pour défendre une agriculture familiale, professionnelle et compétitive.



ATSINANANA

NY VEHIVAVY SY NY DOBO BARAZY

DES FEMMES CONSTRUISANT UN
ETANG DE BARRAGE

Volahasimandimby et Myriam

Volahasimandimby sy Myriam dia mpirahavavy mitovy tanjona. Tapa-kevitra izy roa ny hanamboatra dobo barazy. Tsy mora anefa izany saingy tombony fanampiny ny fanomezana ohatra velona ho an'ny taranany sy ny manodidina azy.

Les soeurs Volahasimandimby et Myriam ont le même objectif. Elles ont des idées de construire un étang barrage. Ce n'est pas simple mais elles veulent servir d'exemple pour toute la famille et proche.

Monina ao amin'ny fokontany Ampasinambo, Kaominina Fanandrana, Distrikan'ny Tamatave II izy ireo. Anisan'ireo nanatrika ny fanentanana nataon'ny APDRA mahakasika ny dobo barazy teto Ampasinambo izahay mirahavavy. Taorian'izany dia tapakevitra ny hanao dobo barazy izahay. Hanananay mantsy ny toerana azo anaovana azy. Etsy andaniny, ahafahanay manampy ny vadinay eo amin'ny fitadiavana ary koa manome fahaleovan-tena ara-bola ho anay vehivavy ny fanaovana dobo barazy. Manantena koa izahay fa hamonjy amin'ny andro sarotra ny vokatra trondro azo avy amin'io dobo barazy io. Nyfanamboarananydobo fampiterahanasynyfitaovam-pandritana dia vitanay mirahavavy.



Myriam et sa soeur en préparation des moines

Nous habitons le Fokontany d'Ampasinambo, Commune Rurale de Fanandrana, District de Tamatave II. Nous faisons partie de ceux qui ont participé à la réunion de sensibilisation de l'APDRA sur l'étang de barrage qui a eu lieu chez nous. Ce qui nous a poussé à construire un étang de barrage est tout

d'abord, la possession d'un site favorable à ce système mais aussi aider nos époux dans les activités familiales pour qu'on ne soit pas trop dépendante, puis on espère que la production de poissons puisse nous aider en période difficile.

Au départ, il n'y avait que moi et ma sœur pour commencer les travaux comme la construction de l'étang de service ainsi que le système de vidange. Pour l'étang de production, comme il y avait plus de travaux, on faisait appel à des tâcherons pour nous aider et on a sensibilisé aussi nos époux pour nous donner un coup de main car à part la construction de l'étang de barrage, on doit assurer les autres activités quotidiennes et les frais scolaires de nos enfants.

Noho ny vesatry ny asa atao dia niarahana nifarimbona tamin'ny vadinay sy ireo mpikarama ny fanamboarana ny dobo fanatavizana. Eo amin'ny ara-potoana dia manokana roa andro isan-kerinandro izahay hanamboarana ny dobo ka indraindray maka mpikarama manampy. Ny asa rehetra nefa dia eo ambany fitarihanay avokoa.



La supervision des travaux tout en montrant l'exemple aux tâcherons

Ny saram-pandanihana rehetra dia ifampizaranay roa vavy avokoa.

Ny tanjonay dia ny mba hihinanana trondro sy hivarotana ny ampahany ho fidiram-bola fanampiny. Tsy izany ihany anefa fa mba ho lova ifandimbiasan'ny taranaka any aoriana koa. Ka isan'ny hafatra sy teny filamatray ny hoe "Mba tahafo ny Fitiavana".

Concernant l'organisation des tâches, on consacrait deux jours par semaine pour la construction des étangs et dès fois, il nous arrive de payer des journaliers pour travailler avec nous mais malgré tout, toutes les activités de constructions étaient sous nos ordres.

On se partage les dépenses. L'objectif pour nous est de manger et vendre une partie de la production. Entre autre, l'infrastructure restera pour nos enfants. Comme message, soyons solidaires.



ITASY

MILA FIVOARANA VE IANAO
AMIN' NY FIOMPIANA TRONDRO ?

EST-CE QUE VOUS VOULEZ AMELIORER
VOTRE PISCICULTURE ?

RANDRIAMIAMISOA Roger Victor,
Pisciculteur

Varavarana misokatra ho an'ny fahombiazana ny fanarahana teknika hoy ity mpiompy trondro iray ity. Hohamarininy amintsika eto-ana izany fanamarihany izany.

Adopter la bonne technique est garant de la réussite selon ce pisciculteur. Il justifie ses dires dans cet article.

Monina ao Manjakasoa Ambatomboro Ampefy Andriamatoa Roger Victor. "Tamin'ny taona 2011 aho no nanaraka fiofanana niaraka tamin'ny AP-DRA. Nefa tsy dia naharesy lahatra ahy loatra izany. Nataoko maro ihany ny isan'ny trondro nampidiriko tao andobo; izany hoe zanaka karpa 500 isa tao anaty dobo 3 ara. Rehefa tonga anefa ny fotoam-piotazana dia hita fa tsy nahomby ilay izy satria nandritra ny fito volana niompiana azy dia zara raha nahazo 10 kilao teo ho eo izahay.



Vokatra roa in-drainy miakatra vary sy trondro

Ny taona faharoa dia tapa-kevitra ny hampihena ny isan'ny trondro ompiana izahay. Namboleko vary ihany koa ny toerana nisy azy ary nanomboka nampiasa zezika sy sakafo aho. Hitako tao anatin'izany fa tena tsara ny fanirin'ny vary ary nafana ihany koa ny toerana noho ilay zezika. Mbolao anaty rano ny vary sy ny trondro dia efa velom-bolo izahay mianakavy. Hitanay mantsy fa samy mahazo aina avokoa na ny fiompiana na ny fambolena ary na ny mpangalatra aza dia toa tsy sahy mandroba ny tanimbarinay. Noho ny tonga ny fotoam-piotazana dia resy lahatra tanteraka izahay fa ny fanarahana teknika dia tena varavarana misokatra ho amin'ny fahombiazana satria dia azo tsapain-tanana ny fitomboan'ny vokatra na teo amin'ny trondro na teo amin'ny vary. Izany fahombiazana azoko izany dia nahasarika ahy hanitatra ny velaran'ny tany ho ampiasaiko sy hanarahako hatrany izay torohevitra omen'ny teknisianina ahy. Ary farany dia manentana ireo tantsaha rehetra namana ny tenako mba samy hazoto hanaraka sy hampihatra ireo fiofanana azo na ny efa mpiompy trondro na ireo vao hiompy satria matiantoka be isika raha tsy mampihatra azy ireny."

Monsieur Roger Victor habite Manjakasoa Ambatomboro CR Ampefy. « En 2011, j'ai suivi une formation en technique piscicole avec l'AP-DRA. Toutefois, malgré la formation, j'étais convaincu que l'importance de la récolte dépend du nombre de poisson empoissonné dans la rizière ou dans l'étang. De ce fait, j'ai empoissonné 500 alevins dans un étang de 3 ares. Après sept mois d'élevage, nous n'avons récolté que 10 kilos de poissons sur les 500 alevins empoissonnés.

La deuxième année, nous avons décidé de réduire le nombre d'alevin empoissonné et aussi d'associer la culture du riz à l'élevage du poisson en apportant de la fertilisation et de l'alimentation. J'ai constaté que le riz pousse très



bien et en même temps la température de la parcelle est en augmentation. Nous étions satisfaits de ce premier résultat d'autant plus qu'il n'y a plus de vol dans nos rizières. La récolte nous a convaincu sur l'avantage de la pratique des techniques piscicoles car nous avons obtenu une double augmentation de la production piscicole et rizicole. Cette réussite m'a poussé à étendre ma parcelle dédiée à la rizipisciculture et de suivre les conseils des techniciens.

Et pour terminer, j'invite tous les paysans, que se soit ancien ou nouveau pisciculteur, à assister aux séances de formation et de pratiquer les techniques reçues pour obtenir de bon résultat en pisciculture.



HAUTE MATSIATRA

FANAMAFISANA TRAIKEFA TEO
AMIN'NY MVPT SY NY VONISAHI
(**Vondrona Niray Safidy Hiavotra**)

RECYCLAGE DES MEMBRES de la
COOPERATIVE MVPT et VONISAHI
(**Vondrona Niray Safidy Hiavotra**)

RAHAINGOBARIVOLA Séverin Georges CTA MVPT
RAKOTONDRAVOLA Jean Dieu Donné Théodore ACP APDRA

Ny kaomina Andoharanomaintso no nisantarana ny fihaonana fanamafisana traik'efa ho an'ireo tantsaha mpisehatra trondro ao anatin'ny vondrona kaoperativa MVPT sy VONISAHI ka ny faha 03- 04- 05- septembra 2013 no nanatanterahana izany tao AM-BOHIMALAZA.

Les deux OPR ont choisi la Commune Rurale d'Andoharanomaintso pour le tenu du premier recyclage sur la technique piscicole qui s'est déroulé le 03- 04 et 05- septembre 2013. L'objectif était de renforcer les compétences acquises par les membres.

Seraseram-pifanakalozana traik'efa sy fanamafisana fahaiza-manao amin'ny seha-pihariana trondro ka nahatonga ny mpisehatra ho velom-paniriana sy fietanam-po ny hihotra lavitra raha mitaha amin'ireo ezaka vita teo aloha sy ho vonona ny hibanjina ireo tan-

Pour les membres des deux OPR, ce premier recyclage a été l'occasion de s'échanger et d'exprimer leurs motivations de produire plus par rapport à la campagne précédente. Ils sont prêts à collaborer ensemble afin de surpasser les

jona hatrehina amin'ity taom-pa-mokarana ity. Nisehatra tao ireo avy amin'ny vovonana KAOPE-RATIVA MVPT, VONISAHI, natrehin'ny APPAFI. Nanentana ny fihaonana ny Talem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano Faritra Matsiatra Ambony nanamafy ny fanamafisana ny traik'efa amin'ny fampiterahana sy fanatavizana.



Les participants au recyclage

Ny hampirindrana ny famokarana no antony lehibe sy hanabetsahana ny vokatra trondro eto amin'ny Faritra Matsiatra ka nampitoviana ny fomba fijery. Nentanina noho

izany ny mpizaika miisa 130, ny mpitantsooka toa ny APDRA, ny tranoben'ny tantsaha, ny mpampindram-bola TIAVO, nitondrany anjara fanentanana ny ALLIANZ mpiantoka miara-miasa amin'ny tantsaha mahakasika ny fisotroan-dronono, ny fiarovana amin'ny loza voajanahary ary ny halatra. Teo ihany koa ny PAR na mpitao raharaha mpanelanelana rezionaly nanazava ny fomba fiasany.

objectifs de cette présente campagne. La participation de l'APPAFI a vu la présence de la direction de la pêche et des ressources halieutiques de la Région Haute Matsiatra qui n'a pas manqué d'animer les séances.

Fifanakalozana traik'efa narahina fitsidihana sy ny fifampizarana traik'efa teo amin'ny toeram-piompian'Andriamatoa MAC Andrien niarahana nijery ary nofanana tamin'ny fanavahana tilapia nilotica sy fizarana ny fahaiza-manao.

Nitondra ainga vaovao sy fomba fijery lavitra ho an'ireo mpamokatra iny fotoana iny ka fanirian'ny mpizaika ny hanatanterahana izao fihaonana izao isan-taona.

L'objectif commun est l'augmentation de la quantité des produits piscicoles. C'est pourquoi les 130 participants encouragent la collaboration effective avec les différentes organisations telle que l'APDRA, la chambre d'agriculture, les institutions de microfinance comme TIAVO et l'ALLIANZ qui travaille sur l'assurance agricole et le PAR.

Une visite de parcelles piscicoles de Monsieur MAC Andrien était au programme et l'échange s'est terminé par la sélection des géniteurs mâles et femelles de Tilapia nilotica.

L'atelier a donné d'autres idées aux participants qui souhaiteraient une continuité !



VAKINANKARATRA

HAHAZO TOMBONY NY TANTSAHA
MPIOMPY TRONDRO RAHA TOA KA
MIHATSARA HATRANY NY RAFITRA
IASANY

LES PISCICULTEURS SAISIRONT
AUTANT DE BENEFICE POUVU QUE
LEUR STRUCTURE D'APPUI SOIT
COMPETENT

RANAIVOSON Naina
Prestataire de service FRDA

Mpitao raharaha mpisehatra eo amin'ny fiompiana trondro eny amin'ny tontolo ambanivohitra no isan'ireo mpahazo tombotsoa amin'ny alalan'ny tetikasa fampiofanana ho fanamafisana fahaiza-manao. Ny FRDA Vakinankaratra no mpamatsy, ny APDRA sy ny Ceffel/Fert eto Vakinankaratra no tompon'andraikitrin'ny fanatontosana. Anisan'ny mahazo izany ihany koa ny eo amin'ny sehatry ny voly vary, fiompiana akoho gasy sy ny kisoa.

Les 20 prestataires de service en développement rural notamment sur la filière pisciculture, ont bénéficié d'une formation sur le renforcement de capacité technique piscicole et l'ingénierie de formation. Avec l'appui financier de la FRDA Vakinankaratra, APDRA et FERT Ceffel Antsirabe ont été chargés de réaliser la formation. Les autres filières comme riziculture, poulet gasy et porc ont eu aussi l'opportunité d'être financé.

Ny tanjona amin'ity tetikasa ity dia ny hanatsarana ny lafiny teknika. Nahitam-pahombiazana izany satria nahafahana nifanakalo traikafa, nampitombo fahalalana sy nampitovy fomba fijery.

Tanjona lehibe ary mifameno ami'io voalohany io, anisan'ny nokendrena tamin'ny fanatantehana ity tetikasa ity ihany koa, ny fanatsarana sy fanatevenana ny fomba enti-mampita fahalalana sy fahaiza-manao ho an'ireo tantaha mpiompy. Nahaliana anay tokoa izany.

Nifarana ny dingana fampiofanana an'efitrano sy fampiharana.

Fanarahan-dia no mamarana azy, izay hotanterahina hatramin'ny faran'ity taona ity.

Nahatsapa izahay mpiatrika fa ainga vao ho anay ny fisian'ny tetikasa. Nisy ny dinidinika nifanaovanay nandritra ny fotoam-piofanana: natsangana ny Vovonana ivondronanay mpitao raharaha nahazo fiofanana eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro eto Vakinankaratra: "Santatra" ny anarana nomena azy; roambinifolo no isan'ny mpikambana. Sehatra natao ifaneraseranay mpitao raharaha ity: ifanakalozam-baovao, ampitoviana fomba fijery sy ifanomezan-tanana.

Fisaorana sy fankasitrahana no atolotray 20 mirahalaha ny FRDA Vakinankaratra izay angady ananana sy vy nahitana, toy izany koa ny APDRA sy ny CEFTEL/FERT izay nitoto nahafotsy ary nahandro nahamasaka. Ny fanantenana dia ny ahazoan'ny tantsaha tombotsoa amin'izao ezaka atao izao.

Ireo mpikambana ao amin'ny "SANTATRA"

Le premier objectif c'est d'améliorer et renforcer la partie technique de la pisciculture. C'était une formation enrichissante

car on a pu s'échanger des expériences, approfondir nos connaissances et d'avoir une même vision sur la filière.

Le deuxième objectif c'est d'améliorer les différentes techniques pour bien transférer les acquis et les expériences aux pisciculteurs. Ce deuxième thème semble aussi intéressant pour les participants.

La formation théorique en salle et la pratique sur terrain sont terminées. La phase de suivi et accompagnement suit après. Ceci a débuté dès la fin de la formation

théorique jusqu'à la fin de cette année 2013.

Nous, les participants, on a ressenti que ce programme de renforcement nous apporte une nouvelle force. Suite à cette formation, une réflexion sur la mise en place d'une fédération de prestataire de service sur la filière pisciculture dans la Région du Vakinankaratra a été lancée entre les participants. Nous avons nommé « SANTATRA » cette fédération qui est composée de 12 membres. C'est une forme de regroupement qui inspire être une plate forme pour une bonne communication entre chaque prestataire de service afin d'améliorer l'information, avoir une même vision et entretenir la solidarité de chaque prestataire.

Nous adressons ainsi un vif remerciement pour FRDA Vakinankaratra qui a organisé cette formation, de même pour l'équipe FERT Ceffel et APDRA à la mise en œuvre et l'accompagnement dans la pratique. Espérons que cette formation puisse profiter non seulement aux participants mais également aux rizipisciculteurs que nous appuierons.



Ireo mpitao raharaha amin'ny fiompiana trondro nahazo fiofanana tao Andranobe

**Ireo mpitao raharaha fiompiana
trondro mpikambana ao amin'ny
federasiona Santatra**

**LES PRESTATAIRES DE SERVICE EN
PISCICULTURE MEMBRES DE LA
FEDERATION SANTATRA**

Nom et Prénoms	Localisation	District	Téléphone
Ranaivosona Naina Dony Domuald	Antsongo	Antsirabe	033.11.841.18
Ramaroriaka Andriatovohaja	Ankazomiriotra	Mandoto	033.40.715.06
Razafimanatsoa Jean Paul	Morarano	Mandoto	033.09.809.26
Rakotovololona Norbert	Antsongo	Antsirabe	033.28.130.16
Andrianina Johny Faustin	Mahazoarivo Avaratra	Antsirabe	033.09.169.82
Rasolovahiny André	Vatofotsy	Antsirabe	034.76.832.77
Rarivo Abrahama	Ambatolampy	Ambatolampy	034.16.794.74
Rakotomalala Julestin	Antanifotsy	Antanifotsy	033.29.919.22
Rakotoarivelo Clément Modeste	Ankazomiriotra	Mandoto	033.63.781.61
Rakotoarijaona Jean Félix	Faratsiho	Faratsiho	033.13.501.77
Randriamanantena Guy	Mazoto	Mandoto	033.24.439.28
Ranaivoarisoa Barisaona	Ampandrotrarana	Antsirabe 2	033.13.898.23

**TANTARA FOHY MOMBAN'NY
FIANDOHAN'NY FIOMPIANA TRONDRO
TETO MADAGASIKARA**

**LE PREMIER SIGNALEMENT DE
RIZIPISCICULTURE EN AFRIQUE
PROVIENT DE MADAGASCAR**

Teto Madagasikara no nahitana voalohany ny fiompiana trondro an-tanimbary taty Afrika. Tamin'ny 1928, voalazan'i Legendre (hita ao amin'ny FAO, 1957) no efa fahita teto Madagasikara ny fanalehibeazana miaraka ao an-tanimbary ny Paratilapia Polleni, ny trondro gasy (Carassin auratus), ary ny karpa Cyprinus carpio. Fomba fanao faharoa fahita ihany koa noho ny taty aoriana, ny 1938, ny fampiarahana ny fiompiana akoho sy ny fiompiana trondro an-tanimbary. Raha dinihana ny voasotr'i Coche (1967) dia mitovitovy amin'ny fomba fiompian'ireo asiatica ny haavo teknika na dia somary kelikely aza ny hakitroka ampiasaintsika eto. Hita izany ao amin'ny «Elevage du poisson en rizièrè»; Mathias Halwart, Organisation des Nation Unies pour l'alimentation et l'agriculture et Modadugu V. Gupta, worldfish center.

Dès 1928, Legendre (cité dans FAO 1957) à signalé la pratique à Madagascar de culture de paratilapia Polleni, Carassin Auratus, et cyprinus carpio en rizièrè. un deuxième signalement a suivi en 1938 indiquant l'élevage de volaille et de poisson en rizièrè. Si l'on se réfère au rapport Coche (1967), le niveau technique à Madagascar, à ce moment là, semble se rapprocher de celui existant en Asie, bien que l'empoissonnement ait été plus léger» in «l'élevage du poisson en rizièrè»; Mathias Halwart, organisation des nation Unies pour l'alimentation et l'agriculture et Modadugu V. Gupta, worldfish center.

NY DATY FIHIDIN'NY RANO

**LES DATES DE FERMETURE DES
PÊCHES**

Régions	Date
Vakinankaratra	15 septembre au 15 novembre
Itasy	15 octobre au 15 décembre
Amoron'i Mania	15 octobre au 15 novembre
Haute Matsiatra	15 octobre au 15 novembre



ATSINANANA

FITSIDIHANA NATAON'NY
UNACAF

VISITE DES BAILLEURS
DE L'UNACAF

APDRA

Ny fitsidihan'ny UNACAF na Union nationale du Café du Havre dia natao ny 25 ka hatramin'ny 28 aogositra lasa teo. Ny delegasiona dia nahitana an'Atoa Bertrand BOUVERY, filohan'ny vondrona sy mpandrahara ny sehatra kafe hatramin'ny taona 1973, sy ny vadiny ary Atoa Michel SIMON sy ny vadiny sy Atoa Joel CLAPSON izay mpividy no mpahay kafe ihany koa. Izy ireo dia matihanina amin'ny sehatry ny kafe ary nisafidy ny hamarana ny asany amin'io sehatra io ka efa misotro ronono avokoa.

Ny UNACAF dia vondron'ireo sendika matihanina sy mpividy kafe ao Havre. Io vondrona io no anisany namatsy vola ny APDRA nandritriny telo taona (2010-2013) teo amin'ny fiompiana trondro. Resy lahatra tamin'ny foto-kevitra ny APDRA izay manohana ny fahaleovan-tenan'ny mpiompy trondro amin'ny alalan'ny fanaparitahana ny teknika vaovao sy ny fanomezana fahaiza-manao izy ireo. Etsy andaniny, noho i



Madagasikara anisan'ireo firenena mpanondrana kafe tany amin'ny taona 80 dia nanaiky hanohana ny fampiroboroboana ny fiompiana trondro sahanin'ny APDRA ny UNACAF.

Ny tanjon'ny fitsidihana dia ny hijery ifotony ny fivoaran'ny tetik'asa izay vatsian'ny UNACAF vola aty Atsinanana ; famatsiana izay mifarana amin'ity taona ity. Toeram-piompiana vitsivitsy no notsidihana ary nankasitrahana'izy ireo ny ezaka sy ny fikirizan'ireo mpiompy trondro amin'ny fiompiana izay sady loharanom-bola no fanampintsakafo be proteina ihany koa.

Eto am-pamaranana dia manantena izahay fa ho maro ny vondrony na mpamatsy vola hanaraka ny dian'ny UNACAF mba hanoana ny ezaka ataon'ny APDRA amin'ny fampiroboroboana ny fiompiana trondro maharitra sy mahomby.

La visite des bailleurs de l'UNACAF ou Union Nationale du Café du Havre s'est déroulée du 25 au 28 Août dernier à Vohilava, Commune Fanandrana Toamasina. La délégation était composée de M. Bertrand BOUVERY, président de l'Association et négociant de café depuis 1973, et de son épouse, de M. Michel SIMON et de son épouse ainsi que de M. Joel CLAPSON, tous deux, membres de l'association et aussi acheteurs de Café. La délégation était tous des professionnels du café qui ont construit

leur carrière dans cette filière et qui sont à la retraite actuellement.

Rappelons que l'UNACAF est une association de syndicat des professionnels et des négociants de café du Havre. Cette association finance le projet de pisciculture paysanne de l'APDRA depuis 03 ans ; de 2010 jusqu'en 2013. Partageant la politique de l'APDRA concernant la promotion de l'autonomie des

pisciculteurs grâce à la diffusion des innovations techniques à travers le transfert des compétences; l'association s'est engagée à ses côtés pour développer la pisciculture à Madagascar qui faisait également partie des pays exportateurs de café dans les années 80.

L'objectif de leur visite était de constater l'avancement des activités du projet APDRA sur la Côte Est dont le financement prendra fin cette année. Quelques sites étaient visités par la délégation où ils avaient exprimé leurs appréciations de l'effort et des courages des pisciculteurs à se lancer dans cette activité qui est à la fois source de revenu et de protéines pour la famille.

En un mot, nous espérons que d'autres associations ou bailleurs suivront l'exemple de l'UNACAF afin d'épauler l'effort de l'APDRA dans sa contribution au développement d'une pisciculture rentable et durable.



HAUTE MATSIATRA

BETSAKA NY TOMBOM -BAROTRA REHEFA
NANAO FIOMPIANA TRONDRO

LA PRATIQUE DE LA PISCICULTURE
PRESENTE DES AVANTAGES FINANCIERS

Soafara Helphine Evah,
membre de la coopérative MVPT

Tsy nionona tamin'ny fambolem-bary fotsiny i Soafara Helphine Evah mpikambana ao amin'ny koperativa MVPT fa nanao ny fiompiana trondro mba hampitomboana ny vola miditra eo ampelatanana. Avy ao Ambalamanana Kaominina Andranovorivato Faritra Matsiatra Ambony. Ny 2008 no nanonomboka niara-niasa tamin'ny APDRA ka maro ny tombotsoa azony nefa nisy koa ny olana nosedrainy.

Madame Soafara Helphine Evah est résidente à Ambalamanana, Commune rurale d'Andranovorivato de la Région Haute Matsiatra, et membre de la coopérative MVPT. Elle a décidé d'étendre son activité rizicole à la pisciculture afin d'améliorer son revenu. En 2008, elle a reçu un appui avantageux de l'APDRA. Toutefois, elle a rencontré quelques problèmes tout au long de son parcours.

Efa niompy trondro izy talohan'ny niarahany niasa tamin'ny APDRA, nahazo fiofanana ara-teknika momba ny fampiterahana sy fanatavizana. Tanimbary mirefy 65 ara no iompiany karpa. Mampiasa ireo zava-misy eo ampelatanany izy amin'ny sakafo-trondro toy ny apombo, vovo-katsaka, tsinjan-dolana sy fanamasahana. Tsy mbola namidy ny vokatra tamin'ny taona voalohany fa natao sakafo avokoa, tamin'ny taona 2008 izay vao nanomboka nivarotra niovaova nanaraka ny taona ny vidin'ny trondro ary tsapa fa miakatra arivo ariary eo ho eo isan-taona ny kilao raha 4000 ariary no niaingana ary 9 000 ariary amin'izao fotoana izao. Telo ka hatramin'ny valo volana niompiana azy no miakatra ny trondro.



Eo am-pakana ny trondro hoamidy


Avant, Madame Soafara Helphine Evah a déjà pratiqué une activité piscicole et grâce à la venue de l'APDRA, elle a bénéficié d'une formation en alevinage et en grossissement. Elle pratique un élevage de carpe dans une rizière de 65 ares. Pour l'alimentation, elle utilise ses propres son du riz, farine de maïs, restes d'aliment domestique et la fertilisation. Le cycle de production dure entre trois et huit mois. La première année, la production était essentiellement destinée à l'autoconsomma-

tion. La vente a commencé en 2008 et depuis le prix a connu une hausse annuelle et progressive estimé autour de 1000 Ar par kilo. En effet, si au début le prix au kilo était à 4000 Ar, elle atteint actuellement 9000 Ar.

Mampidi-bola ny fiompiana trondro satria kely ny mason-karena nefa betsaka ny tombony azo. Afaka nandoa ny saram-pianaran'ny zanany ara-dalana izy, nanao ny fonenana ary nisy ambimbava.

Na izany aza dia nisedra olana ny taona 2008 satria maty ny trondro miisa 230 tamin'ny 400 isa nampidiriny, tsy kivy nanoloana izany fa niezaka nanohy hatrany ny fiompiana nanatsara ny vokatra nanampy azy ny fitanana an-tsoratra ny toe-bola aseho an-tsary eto ambany.

La pisciculture est une activité rentable grâce à un faible coût de production et à un important profit qui lui permet d'assurer la scolarité de ses enfants, de construire son habitation et d'avoir des épargnes. Cependant, en 2008 elle a perdu près de 230 poissons sur les 400 empoissonnés, mais cela ne l'a pas découragé. Depuis, elle continue toujours à améliorer sa production et à tenir son carnet de compte illustré par la figure ci-après :





ITASY

FOMBA FIASA MAROLAFY HO FANATSARANA
NY SAKAFON'NY ANKOHONANA

STRATÉGIES DE COLLABORATION POUR
L'AMÉLIORATION DE L'ALIMENTATION
FAMILIALE

APDRA

Anisany miteraka olana eo amin'ny fiainana ara-tsosialy sy ara-toekarena ny tsy fanjarian-tsakafo ; anisan'izany ny sehatry ny fahasalamana. Samy manana ny antony mety mahatonga izany ny ankohonana tsirairay. Fa nahoana tokoa moa no misy ankohonana sasany no marefo kokoa noho ny hafa ?

Nombreux sont les problèmes socio-économique lié à l'insuffisance alimentaire ; en l'occurrence la santé public. Les causes de cette insuffisance alimentaire peuvent être différentes d'une famille à une autre. Cependant, pourquoi certaines familles sont plus vulnérables à l'insuffisance alimentaire par rapport aux autres ?

Miankina betsaka amin'ny vokatra ara-pamboleny isam-pianakaviana izany ary hita ho tsy ampy indrindra amin'ireo ny vary izay foto-tsakafo; hany ka mahatonga ny fahalavany fotoana tsy fahampiana ho 3 na 4 volana isan-taona.

Noho izany dia misy ny fiara miasa eo amin'ny ORN Itasy sy ireo ONG, fikambanana tantsaha, fikambanam-behivavy ary ny Homéopharma sy ireo tetik'asa toy ny JICA, PROSPERER, PSDR, FAFAFI ary APDRA.

Tratra ny tanjona ankehitriny satria nitombo ireo zaridaina isam-pianakaviana sy eny amin'ny sekoly aty amin'ny faritra Itasy. Nitombo arak'izany koa ny vokatra miakatra ka afaka mamaly ny filàn'ny fianakaviana tsirairay. Noho izany dia afaka manatsara ny sakafon'ny Ankohonany na amin'ny fatra na amin'ny kalitao ireo renim-pianakaviana ary koa mitahiry ireo ambim-bava mba ho fitsinjovana ny vodiandro merika.

Raha, teo aloha, natokana ho amidy avokoa ny atody, ny akoho amam-borona ary ny trondro; ankehitriny dia efa hita matetika eny an-dovian'ny fianakaviana kosa izy ireo.



Sakafo sady matsiro no mahasoa

L'insuffisance alimentaire est principalement lié au niveau de production agricole familiale, surtout le riz dont la production semble insuffisante ; ce qui rallonge la durée de la période de soudure de 3 à 4 mois par an.

Dans ce cadre, l'ORN Itasy a collaboré avec les ONG, les Organisations paysannes, les groupements de femme et l'Homéopharma ainsi qu'avec les projets de développement tels que la JICA, le PROSPERER, le PSDR, le FAFAFI et l'APDRA.

Actuellement, l'objectif est atteint

puisque les potagers familiaux et scolaires ne cessent de s'agrandir. Ainsi, les besoins alimentaire familiale sont satisfaits et les femmes ont la possibilité d'améliorer en qualité et en quantité la nourriture de leurs familles par des produits agricoles locaux et aussi d'avoir des excédants pour la période de soudure.

Autrefois, les œufs, les volailles et les poissons étaient destinés à la vente mais aujourd'hui ils font parti de l'alimentation des paysans.

VAKINANKARATRA

RASOLOFONIAINA Arsène, Pisciculteur,
Raminandro Faratsiho

Izaho manoratra dia zanaka mpiasampanjakana nanolon-tena ho tantsaha mivoatra (Paysan leader), izay manao fitarian-drano iray hanajariana tanety ho tanimbary. Ka sady manao voly vary anaty rano sy fiompiana trondro. Tena liana amin'ny fiompiana trondro ny tenako ankehitriny: fanatavezana sy fampiterahana izay niarahana tamin'ny ekipan'ny APDRA Ansirabe ary misotra ny namana teknosoana miara-miasa.

8000ar ny kilaon'ny trondro karpa aty aminay, ary miha-marô ireo liana te-hanao.



Arsène plus que jamais convaincu sur la pisciculture-Faratsiho

Je suis un fils de fonctionnaire de l'état Malagasy. J'ai choisi de devenir un paysan model (ou leader). Du coup, nous avons aménagé un terrain en rizière. Nous avons fait un effort de mettre en place un petit barrage de retenu d'eau pour pouvoir irriguer nos parcelles grâce à un canal. Nous pratiquons la rizipisciculture car la pisciculture m'a toujours intéressé. Depuis 2009, j'ai demandé une formation sur la reproduction et le grossissement de carpe, et actuellement, j'ai pu bénéficier de l'appui de l'équipe APDRA Antsirabe d'où mes sincères remerciements à leur attention.

A Raminandro, le prix au kilo du Carpe est de 8 000 Ar. Ce prix élevé attire un nombre croissant de paysan intéressé à la rizipisciculture.



VAKINANKARATRA

RAKOTONDROSOA Jean- pisciculteur

TARAMASOANDRO (RAYON DE SOLEIL)

Farihy lehibe iray
Misy trondro ampy anay
Hodidinin'ireo taretra
Ilaina amin'ny ketsa

Ireo farihy sasany
Ampiana amin'ny atsasany
Ny karpa lehibe
Tsy avela sao handeha

Eo koa ny plakara
Tena hita maramara
Miampy ireo trondro gasy
Izay hita masimasy

Izay ny any Taramasoandro
Izay be taratrandro
Tanàna dimy tafo
Irina tsy ho maty afo

Dans un grand étang
Plusieurs poissons
Entouré par des sisals
Utile pour jeune pousse de riz

Les autres étangs
Ajoutée à moitié
Le gros carpe
On ne laisse pas s'en allée

Y aussi le Zilli
Qui n'est pas vraiment jolie
Et aussi le carassin
Qui évite le creux et nous rend plein

C'est comme cela à Tsaramasoandro
Ensoleillé pendant toute la journée
Dans mon îlot, il y a cinq maisons
Espérons qu'elle n'abandonne pas

NY FAMOKARANA ZANA-TRONDRO
ATY AMINAY

Hanatsara hatrany ny famokarana zana-trondro no tanjona hoy Rakotondrasoa Jean. Mizara ny fomba famokarany izy eto sy ny sakana amin'izany asa izany.


Ny fikarakarana ny fampanatodizana sy ireo fitaovana ilaina amin'izany no tanterahana mialoha ny fandefasana ny reni-trondro. Voalohany amin'ireo ny farihy hamindrana ny atoditrondro. Ny vanim-potoanan'ny lohataona no hanomanana azy ireo. Ny ravin'ampanga na koa anjavidy maina efa voahifika ny ravina no avondrona sy ladinina lavalava ka atsivalana manapaka ny farihy na koa atsataka manamorona ny sisim-parihy efa nomanina.

Afaka fotoana vitsy dia afindra amin'ny farihy hafa ilay ravin'ampanga na koa anjavidy misy atoditrondro. Atao haingana izany mba tsy ho tratry ny andro sy ny rivotra ny atoditrondro. Rehefa avy eo dia araha-maso ny rano sy izay mety ho fahavalo hamotika ny atoditrondro toy ny trondro hafa mety hihinana izany. Maharitra telo andro mandra-pahafofy ny atody ny fanaraha-maso. Mitohy hatrany ny fanaraha-maso ireo zana-trondro aoriany fahafoizan'ny atody.

Tsara tokoa ny fiompiana trondro satria sady foto-pivelomana no sakafo ihany koa, satria azo avadika ho vola ka manampy be dia be amin'ny fiainana. Miara-dia tsara amin'ny fiompiana hafa sy ny fambolena koa ny fiompiana trondro.

Mipetraka ho olana ho an'ny tantsaha mpamokatra anefa ny lafiny ara-bola sy ny ara-pitaovana indrindra fa ny rano sy ireo halatra madinidinika izay manimba ny fiompiana trondro. Olana fototra amin'ireo ny rano noho ny fahanteran'ny barazy. Ny fiarahan'ny tantsaha sy ireo mpanentana mijery ny vahaolana no azo antoka fa ahitam-pahombiazana sy fampiroboroboana ny famokarana zana-trondro.

Hanatsara hatrany ny famokarana zana-trondro no tanjona. Noho izany, manantena ny fiaraha-miasa amintsika mpanentana ny fiompiana trondro sy ireo izay miasa amin'ny tontolo ambanivohitra no hahafahana mahatratra izany.



Des alevins produits à 3 semaines

LA PRODUCTION LOCALE D'ALEVIN

L'objectif est d'améliorer davantage la production d'alevin selon ce pisciculteur. Il nous partage sa méthode de production ainsi que les problèmes qu'il rencontre.

La préparation de l'étang de transfert ainsi que des supports de ponte précèdent la mise en pose proprement dite. On confectionne les supports de ponte à l'aide de ravin'ampanga ou d'anjavidy sèche et déjà effeuillés que l'on dispose dans l'étang de ponte soit diagonalement soit le long de la digue.

Après quelques temps, on transfère, avec précaution, les supports de ponte dans l'étang de transfert pour l'éclosion. Cette phase est très cruciale car il faut préserver, durant trois jours, l'eau de l'étang de toutes

formes de prédateurs tels que des poissons qui peuvent se nourrir des œufs non éclos. Une fois éclos, la surveillance des alevins continue.

La pisciculture est une activité à la fois lucrative et de subsistance car la vente des poissons peut constituer une source de revenu pour la famille. Elle peut également être associée à d'autres formes de culture ou d'élevage.

Actuellement, la pisciculture fait encore face à des problèmes d'ordre financière et infrastructurelle notamment les retenues d'eau défectueuses ainsi que les actes de vol très fréquents. Seule la collaboration entre les producteurs et les acteurs de la filière pourrait apporter une solution durable à ces problèmes et ainsi de permettre un développement de la production d'alevin.

L'objectif étant de faire évoluer la production d'alevin à travers cette collaboration



AMORON'I MANIA

TONONKALON'NY TRONDRO

POÈME DU POISSON

RAMASY, *Pisciculteur*
Rajoelinjafy Victor- *Mpiompy trondro*

Indray andro dia lasa nanjono
Tsy nahazo trondro na dia hatono
Ny morona tsy mba tanimbary
Dia lasa nagnariary

Ny ampitso aho dia niverina ka nahazo kely
Tapa-kevitra hiompy ny Marakely
Raha niompy azy dia nanaranaka
Dia afa-po hatramin'ny vady aman-janaka

Raha sendra nandalo ny trondro vahiny
Andeha re tsika hiompy anigny
Ny trondro vahiny no atao hoe môdely
Hatao fanampin'ny Marakely

Izaho dia nanantena dimby sy fara
Ny fiompian-trondro no tena tsara
Raha natoron'ny mpanentana vao maika tsara
Satria haely eran'I Madagasikara

Tonga taty nizaha
Miaraka amin'ireo vazaha
Tsy izai zany fa efa fantatsika
Dia misaotra an-draPatrick

“Misaotra anao Ra-Patrick mpanentana”

Un jour, j'étais à la pêche
Mais rien au bout de ma canne à pêche ;
La rive n'est pas une rizière
J'ai rien pêché au bord de la rivière.

Le lendemain, j'ai eu peu de poisson ;
Elever le tilapia zillii me semble une solution ;
Son élevage m'a donné beaucoup de petit Zillii ;
Qui a fait le bonheur de toute la famille.

Maintenant que la carpe est là ;
Essayons aussi d'élever celui-là ;
La carpe servira de model ;
A côté du Tilapia Zillii habituel.

Espérant une bonne production ;
La pisciculture est la solution ;
Avec l'appui des techniciens sans retard ;
Pour tous les paysans de Madagascar.

Il est venu pour nous visiter ;
Accompagner des étrangers ;
Qui est ce ? Mais tout le monde le connaît !
Merci à Ra-Patrick pour ce qu'il fait

« Je remercie à toi Ra-Patrick notre animateur »

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana
(Directeur de la rédaction) :
Marc Oswald

Tonia (Rédacteur en chef) :
Rabarijaona R. Tsirihassina

Mpanoratra (Rédacteurs) :
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka
(Les partenaires- organismes)
APDRA antenne Madagascar

Kisary (Photos) :
Randria Michel

Fanitsiana sy dika teny
(Correction et traduction) :
APDRA Antenne Madagascar



Fiompiana trondro
Miaraka amin'ny
tantsaha

APDRA
Pisciculture paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence sociale
Antsirabe-MADAGASCAR
Tel : (261) (20) 44 489 89
lvrp@apdra.org